TATITRY NY FILAN-KEVITRY

NY MINISITRA

Alarobia 21 oktobra 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha

I. FAMPITANA AM-BAVA

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika fangatahana fampiasana ny ampahan-tanin'ny Faritanin'Antananarivo ao anatin'ny Kaominina Ambanivohitra Faratsiho, Distrika Faratsiho, Faritra Vakinankaratra.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny taratasy manondro ny torolalana momba ny rafitra ara-toekarena ankapobeny sy ara-tetibola mikasika ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2027 (PLFI-2027).

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana hanafoanana ny famerana mihatra amin'ny fandaniana ho amin'ny fampiasam-bola ataon'ny Tahirim-pirenena momba ny Fiahiana Sôsialy *(CnaPS)*.

MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandinihana ny toe-javatra ara-tany momba ireo sombintany atao hoe *"MEDINAH"* sy ireo hafa ao Salazamay, Kaominina Ambonivohitra Toamasina, Distrikan'i Toamasina I, Faritra Atsinanana.

MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanavaozana ny Drafitrasa Nasiônaly momba ny Fiarovana ara-pahasalamanana *(PANSS)* eto Madagasikara.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY FANOFANANA ARAKA ASA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fikarakarana ny Fihaonambe ho Fanavaozana ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka Asa eto Madagasikara *(ETFP)* izay hatao any Atsimon'ny Nosy.

MINISITERAN'NY FIOMPIANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana hanova ny fitsinjarana ny teti-bola ao amin'ny Fanadaharanasa momba ny Fampiasam-bolam-panjakana *(PIP)* an'ny Minisiteran'ny Fiompiana, ka hafindra ho an'ny Tetikasa *"001-ZEBUSCAN"* ny vola mitentina 456 898 000 Ariary, alaina avy amin'ny Tetikasa *"Titre Vert"* sy ny Tetikasa "Fotodrafitrasa ho an'ny omby".

MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny famitana ireo antontan-taratasy miangona amin'ny alalan'ny toeram-pandraisana tokana.

MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana hampiasa ny famatsiam-bola natokana ho an'ny fampandehanana ny lamasinina mpitatitra mpandeha DIATSARA eo amin'ny zotra *TCE* ao amin'ny tambajotra Avaratra *(Madarail)*, ho an'ny taona 2026.

MINISITERAN' NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tahirin-kevitra Pôlitika Nasiônaly momba ny Akora mandoto ny toetrandro tsy maharitra ela ao amin'ny atmôsfera *(Polluants Climatiques à Courte Durée de Vie – PCCDV)* : fanamby stratejika sy fepetra laharam-pahamehana ho an'ny Anjara Faritan'ny Firenena *(Contribution Déterminée au niveau National – CDN)* 3.0 ho an'i Madagasikara.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tetikasa fifanarahana fiaraha-miasa eo amin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy *(MEDD)* sy ny *Greens Zoological Rescue and Rehabilitation Center Society (GZRRCS) – India.*

MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASATANANA + MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY + MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA + MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA LOVAINJAFY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana ny fanekena ny fananganana toeram-pizahantany amoron-dranomasina maharitra sy fampiroboroboana ny fizahantany ara-tontolo iainana eo amin'ny fari-dranomasina Tamatavy 501.

MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana ny handraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny fandaniana mifandraika amin'ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ny Lalao Olaimpika ho an'ny Tanora 2026 (Jeux Olympique de la Jeunesse 2026).

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana sy fandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny fandaniana mifandraika amin'ny fanomanana ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ny Lalao Olaimpika ho an'ny Tanora 2026 (Jeux Olympique de la Jeunesse 2026) izay hatao any Dakar, Sénégal.

II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Nolanina ny didim-panjakana manangana ny Kaonsilà Jeneralin'ny Repoblikan'i Madagasikara any amin'ny Firaisan'ireo Nosy Kaomaoro.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nolanina ny didim-panjakana momba ny famoahana vola taratasy fahatsiarovana mitentina 10 000 Ariary sy ny 20 000 Ariary, izay manana endrika vaovao.

III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-084 tamin'ny 29 janoary 2025 ary manendry an-d**Ramatoa RANDRIAMITANDRINA Bao Tiana** ho Tale misahana ny Serasera eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1284 tamin'ny 19 novambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa BOTOHAVANA Florent Cilli de Rinal** ho Lehiben'ny Distrikan'Andilamena.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1292 tamin'ny 19 novambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RAMAROSANDRATANA Daniela** ho Lehiben'ny Distrikan'i Manandriana.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1007 tamin'ny
  20 aogositra 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTOBE Andry Lalaina Regis** ho Talen'ny Fandalinana eo anivon'ny Foibem-pitondrana Ankapobeny ny Tahirimbolam-panjakana ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFIMANDIMBY Tahiry Nirina** ho Talen'ny Sampan-draharaha Nomerika eo anivon'ny Foibem-pitondrana Ankapobeny ny Tahirimbolam-panjakana ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

MINISITERA MISAHANA NY FANAVAOZANA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa ANDRIANANDRAINA Aldine Bernadette** ho Talem-paritra mpisolo toerana ao amin'ny Faritra Ambatosoa eo anivon'ny Minisitera Misahana ny Fanavaozana.

MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1690 tamin'ny 8 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RABARILALA Lazatina Mahafaly** ho Talen'ny Polisin'ny Fananan-tany sy ny Fanajariana ny Tany eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanjariana ny Tany sy ny Raharahan-tany.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-405 tamin'ny 7 aprily 2021 ary manendry an'**Andriamatoa HAJARIVONY Fanohizantsoa** ho Talen'ny Fitantanan-draharaha sy ny Fitantanam-bola *(DAF)* eo anivon'ny Tahirimbolam-pirenena momba ny Tany *(FNF)*.

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an'**Andriamatoa RANAIVOMAMPIONONA Andry Nantenaina Dimbiharifetra** ho Talem-paritry ny Fanjariana ny Tany sy ny Raharahan-tany eo anivon'ny Faritra Bongolava.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY NY FANOFANANA ARAKA ASA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2044 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa RAZAIMANANTSOA Rojoniaina** ho Talem-paritry ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka Asa ao amin'ny Faritra Itasy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1319 tamin'ny 19 novambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RAZAFIBENANTENAINA Fidia** ho Talem-paritry ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka Asa ao amin'ny Faritra Betsiboka.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2045 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa DONAT Christophe Alfred** ho Talem-paritry ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka Asa ao amin'ny Faritra Analanjirofo.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2046 tamin'ny 22 desambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMAHARIVONY Joharinivo Ampère** ho Talem-paritry ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka Asa ao amin'ny Faritra Alaotra Mangoro.

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1335 tamin'ny 24 novambra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMASIMANJAKA Emilson Mamy Olivier** ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo *(DRASA)* ao amin'ny Faritra Ihorombe.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAJAONARIMANALINA Garcia Thibault** ho Tale misahana ny Fandinihana sy ny Fitsipika eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RASOLOFONARIVO Fanilo Tokinirina** ho Talem-paritry ny Angovo sy ny Akoranafo ao Vakinankaratra eo anivon'ny Minisiteran' ny Angovo sy ny Akoranafo.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa ANDRIAMAHEFASOA Miora Lalatiana** ho Talem-paritry ny Angovo sy ny Akoranafo ao Itasy eo anivon'ny Minisiteran' ny Angovo sy ny Akoranafo.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa REYDELLET Elysée Dieudonné** ho Talem-paritry ny Angovo sy ny Akoranafo ao Fitovinany eo anivon'ny Minisiteran' ny Angovo sy ny Akoranafo.

MINISITERAN'NY ASA VAVENTY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-708 tamin'ny
18 jona 2025, ary manendry an'**Andriamatoa RASOLONDRAIBE Andriamirantosoa** ho Talen'ny Fotodrafitrasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.

MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-253 tamin'ny 23 febroary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Christian** ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao amin'ny Faritra Itasy

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-913 tamin'ny 15 janoary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa BENANDIANA Venance Voltaire** ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao amin'ny Faritra Analanjirofo.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAJARIZAFIARISON Guillome Ernest** ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao amin'ny Faritra Ambatosoa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-259 tamin'ny 23 febroary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa ALPHONSE ROBERTO VALERY** ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao amin'ny Faritra Fitovinany.

MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa BEKAHITA Tiana Justin** ho Talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina ao amin'ny Faritra Ambatosoa eo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina.

MINISITERA DELEGE MISAHANA NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1386 tamin'ny 19 novambra 2025 ary anendrena ny **Jeneraly RANDRIANARIVELO-IARIVONY Noelson Félicien** ho Talen'ny Fandrindrana, ny fanaraha-maso ary ny fanombanana eo anivon'ny Minisitera delege misahana ny Zandarimariam-pirenena.

IV. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY FITSARANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-459 tamin'ny 30 aprily 2025 izay nanendry ny Talen'ny Fandraharahana ny Fonja teo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1692 tamin'ny 8 desambra 2025 izay nanendry ny Tale Misahana ny Fitantanana ny ara-bola teo anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-035 tamin'ny 8 janoary 2026 izay nanendry ny Tale Misahana ny Fanaraha-maso ny Fifindra-monina teo anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka.

V. SAMIHAFA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nanome toro-marika mazava ny Filohan'ny Fanavaozana mba hanaovan'ireo Minisitra tsirairay avy fandaharana eo amin'ny Televiziona Malagasy hamelabelarana ireo teti-panorona (stratégies) enti-miady amin'ny kolikoly sy ireo fandaharanasa misongadina tanterahina eo amin'ny sehatra izay iandraiketany. Hisy olom-pirenena handray anjara amin'izany ka afaka mametraka fanontaniana sy manome soso-kevitra.

MINISITERAN'NY FITSARANA

- Nanao tatitra tamin'ny antsipiriany mikasika ny raharaha Sinoa miisa 11 izay navoaka ny fonja tamin'ny fomba tsy ara-dalàna ny Minisitry ny Fitsarana. Miisa 15 ireo olona voarohirohy amin'ity raharaha ity izay efa atao andrimaso (garde à vue) eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena ka hatolotra ny Fampanoavana eto Antananarivo ato ho ato.

Antananarivo, 21 oktobra 2026,

Rahajason Harry Laurent
Talen'ny Serasera
eto anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika